


Lalana Tokana mankany amin'ny Fahafahana

Manana fahafahana manatona an'Andriamanitra aho amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Zava-dehibe ny maha-tena iray ny Fanahy Masina. Tsy hoe tena iray fotsiny Izy, fa Tompo, tahaka an'Andriamanitra Ray Tompo ary Andriamanitra Zanaka Tompo. Mitovy amin'ireo mpikambana roa hafa ao amin'Andriamanitra Izy. Midika izany fa tsy maintsy manana toe-tsaina manaja ny Fanahy Masina mitovy amin'ny ananantsika amin'ny Ray sy ny Zanaka isika.

Ao amin'ny 2 Korintiana 3:17, dia nanao izao teny tsotra izao i Paoly:

> "Ary ny Tompo izany Fanahy izany; ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana."

Ao amin'ity andalana ity, dia hitantsika ny fampitahana ny fanandevozan'ny lalàna, na ny rafitra ara-dalàna sy ny fahafahana. Iray ihany ny lalana hananana fahafahana. Izay misy ny Fanahy Masina no, misy ny fahafahana.

Kristiana maro no manana hevitra momba ny fahafahana. Hoy izy ireo: "Raha tsy mandihy eo amin'ny lampihazo isika amin'ny 6:45 hariva. ny Alahady hariva, dia tsy manana fahafahana isika. Na koa hoe: "Raha tsy miteha-tanana isika rehetra, dia tsy manana fahafahana isika." Mihevitra ny mpitory sasany fa tsy manana fahafahana izy ireo, raha tsy manitsaka eny amin'ny lampihazo sy mikiakiaka.

Ny fahafahana dia tsy hoe fanarahana fandaharana iray ao am-piangonana. Tsy ny fandehanana amin'ny alalan'ny fihetsiky ny sasany, toy ny fananganan-tanana. Mety ho fahafahana izany, saingy mety ho fanandevozana mora foana. Izany dia miankina amin'ny hoe ny Fanahy Masina no manosika azy, na manao izany avy amin'ny fombam-pivavahana fotsiny ianao. Ny fombam-pivavahana dia miteraka fanandevozana; ny Fanahy Masina no mamokatra fahafahana.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa afaka tonga Aminao aho. Manambara aho fa izay misy ny Fanahy Masina dia misy fahafahana. Afaka manatona an'Andriamanitra amin'ny

© 2008 - Dries Du Plessis

alalan’ny Fanahy Masina aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-223-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

